



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE  
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-168

FIFIDIANANA SOLOMBAVAMBAHOAKA IRAY HISOLOTENA NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA HO MPIKAMBANA AO AMIN'NY VAOMIERA  
MALAGASY MIANDRAIKITRA NY INFORMATIKA SY NY FAHAFAHANA NA NY  
"COMMISSION MALAGASY DE L'INFORMATIQUE ET DES LIBERTES" (CMIL)

Fivoriana Faha-10  
Natao ny  
Alarobia 17 Novambra 2021  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao  
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

**FOTOANA:** Alarobia 17 Novambra 2021, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana Solombavambahoaka iray hisolotena ny Antenimierampirenena ho mpikambana ao amin'ny Vaomiera Malagasy Miandraikitra ny Informatika sy ny Fahafahana na ny "Commission Malagasy de l'Informatique et des Libertés" (CMIL).

Nivory ny Alarobia 17 Novambra 2021, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana ary niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana. Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, izay fivoriambe hifidianana Solombavambahoaka iray hisolotena ny Antenimerampirenena ho mpikambana ao amin'ny CMIL.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa REMI dit DJAO Jean, kanefa nambaran-dRamatoa Filoha, fa raha tsy mikasika ny fifidianana hatao eto dia tsy homena fitenenana. Noho izany, tsy nomena fitenenana izy.

Rehefa izany, nitohy nitondra fanazavana momba ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha. Nambarany, fa tamin'ny faha-22 Martsa 2021 teo no nandaniana ny lalàna laharana faha-2021-001 mikasika ny famatsiam-bolan'ny tetikasa "Projet d'Appui à la Gouvernance Digitale et aux Réformes de l'Etat Civil et des Identifiants (PRODIGY), izay tetikasa manambara ny finiavan'ny Fitondrana hampivoatra ny fifandraisan'ny Fanjakana sy ny olom-pirenena amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia vaovao, toy ny Informatika.

Eo ihany koa ny lalàna laharana faha-2014-038 «sur la protection des données à caractère personnel», izay miaro ny tsiambaratelon'ny olom-pirenena tsirairay. Ny andininy faha-28, ao amin'io lalàna io no manangana ny «Commission Malagasy de l'Informatique et des Libertés» na ny CMIL izay rafitra mahaleotena natao hiarovana ny tsiambaratelon'ny olom-pirenena tsirairay ary ny andininy faha-29-1 kosa milaza fa 9 no isan'ny mpikambana mandrafitra izany. Marihana fa ny iray amin'ireo mpikambana miisa 9 ireo dia Solombavambahoaka fidiana amin'ny alalan'ny fivoriambe.

Misy fe-potoana tsy maintsy trararina satria ho tapitra alohan'ny faha-20 Novambra 2021 izao ny fotoam-piasan'ny mpikambana teo aloha, ka izay no antony anaovana izao fivoriambe hifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena izao.

Marihana fa Solombavambahoaka iray no nahatonga taratasy filatsahan-kofidina tao amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena dia Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, voafidy tao Fianarantsoa I.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanaovana fampielezan-kevitra ny mpivory.

Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth, no nanao izany, ka toy izao no nambarany: Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana dia nanao pao-droa tamin'ny fifidianana Solombavambahoaka tao Fianarantsoa.

Manambady ary manan-janaka roa. Manana mari-pahaizana «Doctorat en médecine, volet santé publique». Telopolo taona no traikefa ananany amin'ny asa ataony. Mpampianatra any amin'ny oniversiten'i Fianarantsoa izay mampiasa ny NTIC na ny teknolojia vaovao ny tenany, indrindra ny informatika izay anton'izao fifidianana izao.

Araka ny voalaza teo, ny PRODIGY dia fiaraha-miasa amin'ny firenena avy any ivelany. Tsy vahiny amin'izany ny kandida izay milatsaka hofidina ankehitriny; maro ny firenena iarahany miasa, toy ny Amerikana sy ny Frantsay.

Mpamorona sady tompon'ny ONG-ODEFI koa izy, izay fikambanana tsy miankina misandrahaka amin'ny lafiny maro, indrindra ny fampianarana.

Koa mahazo matoky ny Solombavambahoaka, fa hanana olona afaka hisolotena antsika ao anatin'izany sehatra izany.

Manoloana izay, mitaona antsika Solombavambahoaka rehetra mba hifidy azy amin'io toerana io.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, kandida tokana dia nilaza fa zava-dehibe ho an'ny firenena ny fiarovana ny tsiambaratelon'ny olom-pirenena sy ny fanatontoloana ara-kajy mirindra. Koa matoky aho, hoy izy, fa hiray feo ny Solombavambahoaka rehetra amin'ny fifidianana azy.

Talohan'ny fandatsaham-bato, nanao satroka, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, ka nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana.

Nitondra fialan-tsiny avy tamin'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR, ny tenany noho ny tsy fahafahany manatrika izao fifidianana izao. Nambarany ihany koa, fa tsy handrotsaka olona hofidina ny Vondrona Parlemantera GPR, fa hanohana ny kandida tokana izay natolotra teo.

Taorian'izay, nilaza, Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka ary nambarany ny fepetra arahina amin'ny fizotran'ny latsabato, ka toy izao izany:

- Antsoina ny anaran'ny Solombavambahoaka handroso eny anoloana haka ny taratasin-datsa-bato (bulletin unique);
- Mankao amin'ny efitrano fisainana (isoloir);
- Marihana amin'ny faritra mifanila misy ny anarana ny olona hofidina;
- Alatsaka ao anaty vata mangarahara eo anoloana ny vato.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka ary taorian'izay dia natao ny fanisam-bato.

Mialohan'ny fanisam-bato, niangavy Solombavambahoaka miisa roa, Ramatoa Filoha, hanatanteraka izany, ka ireto avy izy ireo:

Andriamatoa isany:

- IDEALSON
- ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Félicien

Rehefa vita ny fanisam-bato, toy izao no vokatr'izany:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 35

- Vato maty: 00
- Vato fotsy: 00
- Vato manan-kery: 35

- Vato azon'Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana: 35

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany hisolotena ny Antenimierampirenena eo anivon'ny «Commission Malagasy de l'Informatique et des Libertés» (CMIL), Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana.

Rehefa izany, niarahaba sy nirary azy hahavita be amin'ny adidy hosahaniny, Ramatoa Filoha.

Raha namone fitenenana, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana; nisaotra sy nankatelina tamin'ny fametraham-pitokisana nataon'ny Solombavambahoaka taminy no teny nambarany.

Nanao satroka, Andriamatoa REMI dit DJAO Jean taorian'izay, ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana; nambarany fa mangataka fihaonana mikaton-trano (huis clos) amin-dRamatoa Ministry ny Toekarena sy Fitantanam-bola ny Solombavambahoaka alohan'ny fivoriambe hatao rahampitso maraina momba ny fanolorana ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2022.

Nandrasiana fanapahan-kevitra izany, koa rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 24 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hotanterahana ny fangahatan'Andriamatoa Solombavambahoaka teo saingy hatao aorian'ny fanolorana ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, taona 2022 izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa ny fandaharam-potoana manaraka; amin'ny 3 ora, tolak'andro dia ny fihainoana ny tatitra hataon'ny BIANCO manolona ny Solombavambahoaka ary amin'ny 5 ora, hariva, mbola hisy ny fihonana miaraka amin'ny UNICEF.

Niato tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona